## Ho voavarotry ny MAPAR ambongadiny i Madagasikara 2

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 2 aogositra 2018 Laharana 796 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Mpomba an'i Dada** 3

## Hanao fivoriana amin'ny sabotsy tolakandro

**Manakara** 2

# Nakotroka ny fandraisana an-dRavalo



**Fanjifana** 7

# Tratran'ny fisandratana ny vidin-tsolika




**ADIN-TANY NAMPITONDRA FAISANA** 6

## Maty sy lasa adala izay mikitika azy



**Tranga mampalahelo** 6

### Zazavavy kely 8 taona naolan' ny anadahin-dreniny

**Fampianarana** 6

### Very fanahy mbola velona ny ray aman-drenin'ny mpianatra

**Boriborintany faha-5** 3

### Nihaino ny hetahetan'ny mponina ny depiote Clarisse R.

**Daka kely**

Noverezin'i Dada lavitra nareo tany Manakara Ra-force a !

**Rugby, CUA** 5

### Raikitra ny fiadiana ny "Amboaran'ny Ben'ny Tanàna"



MANAKARA

## Nakotroka ny fandraisana ny Filoha Ravalomanana



Mialoha ny hihazoany an'Ankaramalaza anio, tao Manakara omaly ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay sady filohan' ny komitin'ny jobily faha-50 taonan'ny fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara na ny FJKM. Nakotroka dia nakotroka tokoa ny fandraisan'i Manakara an'i Dada omaly satria lava dia lava tokoa ny filaharambe sy ny karnavaly nandraisan'ny renivohitry ny faritra Vatovavy Fitovinany azy sy ny dele- gasiona tarihany. Foto-diany any amin'iny faritra iny, ny hiara-hivavaka amin'ireo mpino FLM any Ankaramalaza, na izany aza dia tsy nolalovany fotsiny i Manakara fa efa liana ny hifanatritava aminy indray ny vahoaka marobe tany antoerana. Ankoatra izany, hiara-hivavaka amin'ireo mpino FLM ny filoha Marc Ravalomanana anio, hifarana anio 2 aogositra tokoa ny isan-keritaona faha-77 ny toby lehibe Ankaramalaza, fotoambavaka lehibe : fifohazam-panahy hihaonan' ireo mpino ao amin'ny fiangonana loterana Malagasy FLM ma- nerana an'i Madagasikara izany, nanomboka ny 26 jolay lasa teo . Raha ny fandaharam-potoana anio dia hisy ny fanokanana mpiandry maro mandritra ny fanompoam-pivavahana. Miaraka miombom-bavaka amin'ireo mpino any an-toerana ny filohan'ny komitin'ny jobily faha-50 taona ny FJKM sy ny jobily faha-200 taona nidiran'ny LMS sy ny filazantsara teto Madagasikara, ny filoha Marc Ravalomanana. Marihina fa tsy fo- mbafomba ny fiarahana mivavaka ataon'i Dada any Ankaramalaza fa efa fiainany mihitsy , na mbola olontsotra aza izy fa tsy filohampirenena dia efa tany an-toerana hatrany.

***Helisoa***

Andry Rajoelina

## Nivarotra ny harem-pirenena hoy ny HFI



Mampanontany tena ny olom-pirenena tokoa amin'izao fotoana hanomanana fifidianana filohampirenena eto Madagasikara izao, ny mikasika ny volabe hafafin- dRajoelina Andry filohan'ny tetezamita mpanongampanjakàna entina mitety an'i Madagasikara, hanaovana propagandy mialohan'ny fotoana. Angidimby , ny artista , ny mpanao gazety karamaina tsy maintsy miaraka aminy mitety faritra. Ny fizarana vola , tee- shirt manaraka ihany. Koa mipetraka eto ny fanontaniana , vola avy aiza daholo ireny atao fafi-katrana ireny? nefa ny vahoaka Malagasy sahirana vokatry ny fahaverezan'asa tamin'ny fanonganam-panjakàna nataony tamin'ny taona 2009. Ny HFI (Hetsika Fanorenana Ifotony) tarihin-dry Pety Rakotoniaina dia nanambara hatrany fa namotika ny firenena i Andry Rajoelina, ka tsy ekeny ho kandida mihintsy. Araka izany , tonga teny amin' ny HCC Ambohidahy ny talata teo ny Hetsika Fanorenana Ifotony na ny HFI, izay delegasionina notarihan'i Pety Rakotoniaina, hametraka taratasy fitoriana ny filohan' ny tetezamita teo aloha, noho ny fananan-karena tsy fantatra fiaviana an' ity filohan'ny mpanongam-panjakàna ity. Misy ny tranony any ivelany, ny kolikoly sy bois de rose, izay ilana fanazavana avy aminy, hoy i Pety. Tsy ekena hoy hatrany izy ny amelana an'i Andry Rajoelina hirotsaka ho kandida, ka hamerenany ny fomba ratsiny indray .

***Helisoa***

KMMR Faradofay

## Hanao izay hampandresena ny filoha Ravalomanana

Vonona ny hiatrika fifidianana ho filoham-pirenena ny KMMR any Taolagnaro. Tsy mitabataba amin'ny fisehoana vahoaka ireto KMMR ireto fa manana tetika matotra ifandraisana amin'ny vahoaka. Efa betsaka ireo miara-dia amin'ity Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana (KMMR) ity aty amin'ny faritra Anôsy. Saika avy amin'ny antoko maro ka vonona hamerina ny MAP 2 ireo mpikambana. Ny KMMR, tsy manavakavaka fa izay mahatsapa tena fa ilaina ny famerenana azy eo amin'ny fitondrana dia mivondrona ao. Na misy aza ireo mpanatsatso, vonona hatrany manazava ny sain' olona ireto KMMR ireto. Sarotiny amin'ny fanaratsiana ny olona tohanany Marc Ravalomanana izy ireo. Tsy manao politika mizara vary sy menaka fa manazava ny paik'ady fampandrosoana, ny Madagasikara Am-Perin'asa (MAP). Anisan'ny asa miandry ity komity ity ny hametraka ny masoivohony eny amin'ireo kaomina. Tombony, vaovao ho an'ny olona tohanana ny fiverenan'ny MBS radio sy Tv eny amin'ny faritra.

***Mangarahara***

ACAT Madagascar

## Tsy manara-penitra ny fonjan'Antanimora

Nanatanteraka atrik'asa nanaovany tatitra tamin' ny asa fitsidihana nataony tao amin'ny fonjan'Antanimora ny talata teo ny ACAT Madagascar. Raha araka ny tatitra nataon'izy ireo dia olana ny fahabetsahan' ny voafonja ao amin'ny fonjan'Antanimora, ka zary miteraka fiantraikany amin 'izy ireo. Raha tany amin'ny taona 1896 nanorenana ny fonjan'Antanimora dia voafetra ho 800 no olona tafiditra ao anatiny antony mahatonga ny surpopulation ao anatin'ny fonja ny fitombon'ny mponina ao. Efa misy ny tarehimarika iraisam-pirenena izay milaza fa 1 isanjaton'ny mponina amin'ny firenena iray no voafonja. Misy ny fandraisana an-tanana izay ataon'ny ACAT Madagascar amin'ireo voafonja 172 izay notsidihin'izy ireo ka vehivavy ny 57. Antotan-taratasy 34 no efa any an-tanan'ireo mpisolo vavan' ny ACAT Madagascar ary 5 amin'izy ireo no efa andalam-pikarakarana. Izany no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasa akaiky teo amin'ny ACAT Madagascar sy ny fonjan'Antanimora ary ny fitsarana Malagasy.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ho voavarotry ny MAPAR ambongadiny i Madagasikara

Famarotana an' i Madagasikara no mahadodona ireo mpanao politika nandrodana ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana. Ny hanamafy an'izany no mahatonga ireo mpiara-dia amin'ny MAPAR miaraka amin'ny HVM nandray ny fitondrana. Efa iainan'ny malagasy ireo zava-doza vokatry ny nataon-Rajoelina sy ny ekipany nandritra ny tetezamita , ary mbola hita tamin'ny fitondrana HVM. Samy miaiky ny mpanara-baovao politika fa ny famerenana and-Rajoelina sy ny forongony midika ho famarotana ambongadiny ny tanindrazana amin'ireo vahiny. Fanaovana tsinontsinona ny taranaka. Saika voavarotra ambongadiny amin'ny vahiny mantsy ireo faritra ahitana vatosoa. Mbola ho mafy noho izany no hitranga raha ny MAPAR na ny HVM no hitondra an'ity firenena mahantra manankarena ity. Mila mieritreritra tsara ny mpifidy. Tsy azo lavina fa tompon'antoka amin'izao fahavoazana izao ny mpanongam-panjakana. Hiatrika fifidianana isika. Ny fahaizana mametraka ny olona hitondra an'i Madagasikara mandritra ny 5 taona manaraka no andrasana amin'ny mpifidy. Olona hita fa efa manana traikefa, marina, tena tia tanindarazana, tena tia an'i Madagasikara.

***Mangarahara***

PNUD sy CENI

## Nanofana ny mpanao gazety momba ny fifidianana

Nanofana ireo tonian-dahatsoratra amin'ny trano fanaovan-gazety maromaro eto an-drenivohitra, momba ny fifidianana, tany Ampefy distrikan'i Soavinandriana ny alatsinainy sy talata teo ny rafitry ny Firenena Mikambana sy ny PNUD ary ny CENI na ny Vaomieram-Pirenena misahana ny Fifidianana. Ny tanjona tamin'izany fanofanana izany dia mba handray anjara mavitrika amin'ny hisian'ny fifidianana eken'ny rehetra, mangarahara, milamina ary handraisan'ny rehetra anjara ny mpanao gazety. Voaresaka nandritra izany fanofanana izany ny momba ny fifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity, ny lalàna mahakasika izany, ny fisorohana ny fifandonana ary ny politika momba ny matoan-dahatsoratra. Nisy ihany koa ny ady hevitra amin'ny fitondrantena tokony hananan'ny mpanao gazety, fitsipi-pitondran-tena izay hodinihana sy holaniana amin'ny fotoana manaraka. Mbola hisy atrikasa 7 hafa ankoatra an'io tany Ampefy io hatao amin'ity volana aogositra sy septambra ity any Toliara, Fianarantsoa, Antsirabe, Toamasina, Antsiranana, Mahajanga ary Antananarivo. Mpanao gazety miisa 200 any no heverina hahazo fiofanana amin'ireo atrikasa rehetra ireo ho fanatevenana ny traikefany amin'ny resaka fifidianana.

***Isambilo***



*Ireo mpanao gazety tonian-dahatsoratra niofana tany Ampefy.*

Ny Valosoa sy hadihady

# 1 aogositra 2018 : androm-piomanana amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka

Omaly alarobia no nisokatra ny fandrotsahana ny antontan-taratasy tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), ho an'ireo kandidà hifaninana amin'ny fifidianana ho filohampirenena. Maro ireo taratasy takiana amin' izany ary tsy ho raisina izany na dia iray aza no tsy ampy. Efa maromaro ihany ireo efa nanambara fa ho kandidà ka asa raha efa nisy nanomboka nikarakara izay tokony ho natao na mbola variana tamin-javatra hafa satria roapolo andro ny fe-potoana hanangonana izany. Iaraha-mahalala fa misy amin'ireo kandidà no mbola voaantso eny amin'ny zandarmaria hanaovana fanadihadiana noho ny fitorian'olona azy noho ny resaka ady tany. Vao omaly koa no nitory an'i Rajoelina Andry ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny Hetsika Fanorenana Ifotony (HFI) noho ny fanangonan-karena nataony nandritra ny tetezamita. Tsy fantatra na hisy didy hivoaka mialohan'ny fampahafantarana amin'ny fomba ofisialy ny anaran'ireo kandidà afaka hifaninana na tsia fa efa nipetraka aloha ny fitoriana. Momba ny filohan'ny Repoblika IV indray dia efa namoaka didy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa nandika lalàna izy noho ny tsy nananganany ilay Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice). Ny fanontaniana mipetraka dia ho anisan'ny fepetra iray hahazoana manilika an-dRajaonarimampianina Hery tsy ho kandidà ve iny didy iny satria raha ny marina dia efa niala teo amin'ny toerana maha filohan'ny Repoblika azy izy. Minisitry ny Vola sy ny Tetibola koa izy nandritra ny tetezamita ary tsy misy afaka mandà fa na vola avy aiza na avy amin'inona niditra teto dia tsy maintsy nandalo tao amin'ity minisitera ity ka fantany izany. Ny vola vahiny azo tamin'ireny fanondranana antsokosoko harem-pirenena ireny, na dia tonga aza dia nirotsaka tany amin'ny kaontin'olona tany ivelany, dia tsy maintsy nampahafantarina ny tao amin'ity minisitera ity. Ny zavatra azo antoka hatramin'izao dia izay meloka teo anatrehan'ny fitsarana, namoahana didy araka izany, dia ho voahilika avy hatrany tsy ho kandidà. Ankoatry ny fingampingana maro samy hafa natao tamin-dRavalomanana Marc dia anisan'ny tena singa iray andrasan'ireo matahotra azy ary entina hanilihana azy dia ny didim-pitsarana tamin'ny taona 2010 izay nanameloka azy noho ny raharaha 7 Febroary 2009. Samy mahafantatra anefa ny rehetra fa didim-pitsarana politika ireny didy ireny ary noterena ny mpitsara namoaka azy. Niniana tsy naverina ny fitsarana tamin'izao Repoblika IV izao noho ny fahafantaran'ny mpitondra fa tsy maintsy hirotsaka kandidà Ravalomanana Marc ary indrindra indrindra noho ny fahitàna fa mbola mamim-bahoaka sady manana ny vina entina manavotra ity Firenena ity ao anatin'izao kizo izao izy. Porofon'izany ny fidododododon'ny vahoaka rehefa tonga any amin'ny tanàna vangiany any izy kanefa tsy mba nokaramaina na notaterina tamin'ny fiara vaventy izy ireny. Etsy ankilany dia eo ny resaka hetra izay takiana aminy avy amin'ny orinasa TIKO. Asa raha hahazo ny taratasy momba ity hetra ity ireo kandidà rehetra satria mbola mitokona ny mpiasa ao hatramin'izao ary tsy fantatra na rahoviana vao hiverina hiasa. Fifidianana tsy misy fanilihana, afaka mirotsaka izay te-hanao izany, andraisan'ny rehetra anjara, izay no vatsian'ny vondrona iraisam-pirenena vola amin' ny fanatanterahana azy. Azo antoka anefa fa samy manana ny soavaliny avy ireo firenen-dehibe manana masoivoho eto ka hisy sahy hidrikina ve raha voahilika ny azy? Mbola volana vitsivitsy mialohan'ny fifidianana aza dia efa tsy milamina sy misavorovoro ny fiainana ara-politika eto amin'ny Firenena ary mifampiandry kendry tohina ny politisiana gasy, ka azo inoana fa raha sanatria ka sahy hamoaka lisitra misy fanilihana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy hifankahitana intsony ny toe-draharaha eto amin'ity Firenena efa anjakan'ny tsy fitoniana sy tsy fandriampahalemana ity.

***Andry Tsiavalona***

Mpomba ny filoha Ravalomanana

## Hanao fivoriana amin'ny sabotsy tolakandro

Ho fanomanana ny fifidianana dia hanao fivoriana lehibe ao amin'ny Magro Behoririka ny mpitolona rehetra hatramin'izay ka hatramin' izao, sy ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana tsy ankanavaka, araka ny fanambaràna nataon'ny Depiote teo aloha Zafilahy Stanislas, ny sabotsy 4 aogositra izao manomboka amin' ny 2 ora tolak'andro tsy diso no hanatanterahana izany fivoriambe izany. Hisy hoy izy ny toromarika sy vaovao lehibe hifampizaràna momba ny fifidianana hatrehintsika , ka samia mifampilaza hoy izy fa zava-dehibe tsy hay kosehina ny fifanotronantsika miaraka amin'io fotoana io ; "ny tonga miaraka dia fahombiazana , fa ny miasa miaraka no fanomboana hoy ihany ny depiote teo aloha zafilahy Stanislas.

***Helisoa***



Fanabezana politika

## Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Lifting (image) :** fanomezana endrika vaovao ny sary efa tonta na ratsy.
**Liste électorale :** lisi-pifidianana.
**Lobbying :** Fomba entina tambazotra entina hitarihana na hitaomana ny olona afaka maka fanapahan-kevitra, mba hanaraka sy hanaiky ny firehankevitra tiana hapetraka sy ho tanterahina.
**Loi :** Lalàna voafidy tany amin'ny Antenimierampirenena izay heverina fa avy amin'ny vahoaka.
**Loi fondamentale :**lalàna fototra.
**Loi cadre :** Lalàna napetrak'i Gaston Deferre momba ny fifandraisan' ny tany nozanahana sy i Frantsa. Lalàna lasitra.
**Loi martiale :** Lalàna henjana apetraky ny fitondrana entina hamonoana ny fikorontanana misy eo amin'ny firenena. Lalàna amin'ny tany misy hotakotaka.
**Machiavélisme :** Teny avy amin'ny anaran'i Machiavel, mpanoratra, mpandinika, mpanao politika italiana tamin'ny 1521. Ny machiavelisma dia ilazana ny tetika feno hafetsena sy fitaka entina hitazonana ny fitondrana araka ny asa soratra nataon'i Machiavel " Le prince".
**Macroéconomie :** Ny ekonomia miompana indrindra amin'ny fitantanana ekonomika ny firenena amin'ny ankapobeny.
**Magistrat :** Mpitsara.
**Mahathirisme :** Politikam-pandrosoana nampiharin'i Mahathir Bin Mohamad praiministra maleziana (1981-2004), izay nampifandray ny zavatra roa mifanohitra : ny finoana mahery vaika sy ny fandeferana ara-pivavahana, ny nasionalisma sy ny fisokafana ( kapitalisma), ny fomba nentimpaharazana sy ny maoderina. Ny zavatra tena nokasainy dia ny fahafahanan' ny fandraharahana ao anatin'ny fahamarinana politika. Noho izany dia nampihatra fitantanana liberaly henjana tsy refesi-mandidy izy.

***Fetra Ramamonjy***

BORIBORINTANY FAHA-5

## Nihaino ny hetahetan'ny mponina ny depiote Clarisse R.

Tonga nitsidika fokontany maromaro teny amin'ny boriborintany faha- 5 Antananarivo Renivohitra, ny depiote Clarisse Rasendramiadana, depiote nisolo toerana ny depiote Guy Rivo Randrianarisoa, rehefa lasa minisitry ny Indostria ity farany. Omaly tontolo andro no nanatanteraka io fitsidihana ion y depiote Clarisse Rasendramiadana. Fokontany Analamahitsy sy Soavimasoandro no nanombohany ny fihaonana tamin'ireo mponina, tao ireo mpanasa lamba izay nitaraina tamin'ny depiote Clarisse noho ny fahanteran'ny fotodrafitr'asa hanasàny lamba , ka mila fanamboarana . Nanome toky ny depiote fa hitady hevitra hanatsaràna izany, teo ihany koa ny nanomezany tee- shirt azy ireo. Tsy maintsy jerena hatrany ifotony hoy izy ny olana mahazo ny mponina mba hisian'ny fampandrosoana marina . Hitohy manerana ny boriborintany faha- 5 ny fitsidihana mba hihainoana ny hetahetan' ny vahoaka hoy ny depiote Clarisse Rasendramiadana manomboka izao.

***Helisoa***



*Ny depiote Clarisse Rasendramiadana, nihaona mivantana tamin'ny vahoaka tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

TONONKALO

### HO TRATRA FARANY EO....

Midina eny am-pandehanana ireo ekipanao Rajao.
Nilaozany ilay sambo be atao hoe hery vaovao.
Tsy matoky anao intsony raha ny ankamaroan`ireo,
Ka miomàna ianao Rajao fa sao ho tratra farany eo.

Vao tsy ela akory izao i Jaona no nanao veloma anao,
Vokatry ny disadisa tao anaty antoko tao.
Lasa tsy hiverina izy , f'efa tofoka sy leo
Ka miomàna ianao Rajao fa sao ho tratra farany eo.

I Paoly koa dia toy izany , re fa lasana nandao.
Napetrany ny fialàny tsy ho hery vaovao
Rehefa avy nanaratsy sy nitety onjam-peo,
Ka miomàna ianao Rajao fa sao ho tratra farany eo.

Mandindondindona anareo izatsy fasana mivoha,
Noho izany i Bekonetaka dia niala tsy ho filoha.
Midika fa tsy lasa intsony ny hery vaovaonareo,
Ka miomàna ianao Rajao fa sao ho tratra farany eo.

***DADAN`i ZINA (29-07-18)***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

TSY FANJARIAN-TSAKAFO MITARAZOKA

# Nampahafantarina ny tetikasa FAFY

Isan'ny mbola mitana ny laharana faharoa eo amin'ny tratry ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka ny eto Vakinankaratra, raha toa ka ny faritra Matsiatra ambony no mitana ny laharana voalohany. Isan'ny antony nosafidiana hanaovana ny tetikasa Fafy ny eto Vakinankaratra satria mbola mahatratra 65,3 % izany. Nisy araka izany ny atrikasa fampahafantarana izany ka faritra 04 no voakasika dia Itasy, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony ary Vakinankaratra ny herinadro teo, tao amin'ny efitrano malalaky ny Faravohitra ny alatsinainy teo. Tonga nanokatra ny atrikasa i Dokotera RAVELONARIVO Harinaivo mpandrindram-paritry ny ONN eto Antsirabe sy ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra, izay nosoloan'ny lehiben'ny sampandraharaha ara-tsosialy ny Dr Niaina Ratovoarinjaka. Nohamafisin' ny mpandrindram-paritry ny ONN eto Vakinankaratra fa manana tom- bony lehibe ho an' ny Faritra Vakinankaratra ny fametrahana ny atrikasa "FAFY" izay mandrakotra ny Distrika 07 eto anivon'ny Faritra ary ahi- tana toby Seekalina mi-isa 904 ankehitriny ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra izay efa voakasiky ny tetikasa iadiana amin'ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka, ka ireo ONG maro samy hafa izay mahafeno ny fepetra sy ny fenitra takian'ny atrikasa mba hanara-maso ny fitaovana sy ny hampiofana eny anivon'ireo "Sites Communautaires", izay vatsian'ny Banky Iraisampirenena vola mandritra ny 10 taona. Raha tsiahivina dia tafiditra ao anatin'ireo Firenena 05 manana ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka i Madagasikaa raha toa ka 47% izany, ka 65,3% ho an'i Vakinankaratra manokana. Ezahina ny ha-mpihena io taha io ho 35% afaka 15 taona mba tsy ho vesatry ny firenena eo amin' ny fampandrosoana. Fa anko- atra izany moa dia tonga nanao ny fitsidihana teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ireo solotena avy ao amin'ny "SUN" na ny "Scaling Up Nutrition" izay nahitany an'ny Orphelie HAMONIN Policy Specialist sy ANDRITSARAFARA Lahariza-ka Chef de Service de Suivi et Evaluation eo anivon'ny ONN ary ny Docteur RAKOTONDRABE Gaby Consultant, izay noraisin'Andrimatoa Tale Miadidy ny Fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra RAKOTOARIVELO Rivo Herindray. Ny tanjona tamin'izany dia ny ahafatarany ny tena anjara andraikitry Faritra eo amin'ny ady atao amin'ny tsy Fanjarian-tsakafo mitarazoka amin'izao fotoana izao.



*Ny talem-pritry ny ONN Vakinankaratra.*

***Lezama***

ASJA Antsirabe

# Namoaka ny andiany faha-16

Mpianatra miisa 137 indray no notolorana ny mari-pahaizana "Licence professionnelle" ny sabotsy 28 jolay 2018 lasa teo teny amin'ny sekoly ambony ASJA Antsirabe. Andiany faha-16 ireto mpianatra navoaka ireto ary misalotra ny anarana "FANDRESENA". Natomboka tamin'ny fanompoham-pivavahana ny lanonana teto, ho fisaoran'Andriamanitra tamin'ny nahavitan'ireto ankizy ny fianarany nandritra ny telo taona. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny solontena avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra Ramatoa RAMAHANDRIARIVO Fanja, tale miadidy ny fandraharahana ankapobeny sy ny lafintany eo anivon'ny Faritra sy ny solombavambahoakan'Antsirabe faharoa, Randrianantenaina José ary ireo olo-manankaja ambony avy eto an-toerana. Ahitana sampampianarana maro eo anivon'ny sekoly ambony ASJA ka anisan'izany ny "Economie et Commerce", Droit, Agronomie. Nambaran'ireo tompon' andraiki-panjakana fa reharehan'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian'ity sekoly ity satria dia anisan'ny efa namoaka mpianatra maro manerana an'i Madagasikara izy ity nandritra izay taona maro nisokafany arapanjakana izay. Araka ny fanazavana azo hatrany dia misy koa ireo mpianatra mianatra any amin'ny sekoly annexe any Antsohihy navoaka, niaraka tamin'ireto, izay miisa 99 izy ireo. Nandritra iny taom-pianarana iny dia mahatratra hatramin'ny 1269 ny isan'ny mpianatra nandranto fianarana tao ary marihina fa misy hatramin'ny taona faha-5 ny fianarana misy ao an-toerana.



***Lezama***

Vakinankaratra

# Saika notaomina tany Mahamasina ireo ben'ny tanàna

Raikitra sahady ny afindrafindraon'ny mpanao politika amin'izao fanombohan'ny fametrahana antotan-taratasy filatsahana ho fidiana izao. Nifanindran-dalana amin'izany koa ny hetsika fanehoan-kery nataon'ny filohan'ny tetezamita teo aloha tao Mahamasina omaly alarobio. Mikasika izany indrindra dia maro ireo karazan'olona taomina sy novatsiana saran-dalana mihitsy hiatrika izany tao Antananarivo tao. Raha ny teto Vakinankaratra dia re fa ny Ben'ny tanànan'Antsirabe no nikarakara ny famoriana ireo Ben'ny tanàna hiatrika sy hanohana ny hetsika nataon-dRajoelina Andry. Fantatra ary fa niisa 32 ireo ben'ny tanàna nanaiky hiaraka tamin'ny Ben'ny tanànan'Antsirabe, izay hiainga ny marainan'ny alarobia teo. Tonga tokoa ireo ben'ny tanàna ary nivonona ny hiainga teo anoloan'ny lapan'ny tanànan'Antsirabe saingy nisy tamin'ireo nilaza efa handeha no nandefa fialan-tsiny indray fa tsy afaka. Nihena ho 24 sisa no tonga ary ren'ny HVM indray io resaka io, ka nisy ny iraka nalefa handrara ireo Ben'ny tanàna tsy ho any Antananarivo. Asa na noho ny tahotra ny HVM na inona fa maro tamin'ireo Ben'ny tanàna tonga teo no nitsoatsoaka indray ary niala ilany ka toa 6 teo sisa no niaraka tamin'ny ben'ny tanànan'Antsirabe. Tsara ho fantatra ihany fa isan'ny mpanohana mafana fo ny M.M.M ity Ben'ny tanànan'Antsirabe ity, izay efa kandidàn'ity antoko ity tamin'ny fifidianana ho solombavambahoaka saingy tsy lany. Ny M.M.M rahateo namana akaikin'ny filohan'ny tetezamita, ka azo antoka matoa ny Ben'ny tanànan'Antsirabe nomena alalana hanangona ireo Ben'ny tanàna ho any Antananarivo dia mety efa nahazo tso-tdrano tamin'i Hajo Andrianainarivelo ihany koa angamba ary inoana fa matoa mitranga izany dia mety tsy ho kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena i Hajo fa hanohana mavitrika an'i Rajoelina Andry. Ny loharanom-baovao avy amin'ireo ben'ny tanàna tsy nandeha no nahafantarana fa nisy mihitsy ny fandrahonana ankolaka nahazo azy ireo tamin'ny antokon'ny fitondrana raha manatrika io hetsika nataon-dRajoelina tao Mahamasina io, na dia efa nisy fampanantenana lelavola tsy latsaky ny 100 000 Ar isan'olona aza ho an'izay ben'ny tanàna miatrika izany. Fantatra amin'ny fanambazana vola hatrany ny Mapar isaky ny misy hetsika ataony mba hamoriana olona, ankoatry ny fampisehoana maimaimpoana fanaony.

***Lezama***

# Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy voamaina tsiasisa** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy henomby na henakisoa no hafangaro amin'ny tsiasisa. Atao ketsaketsa izany, raha saosisy henomby kosa dia azo atao rony. Dia mihinana finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoraly ny aretin'ny voa

Fanafody natoraly ny aretin'ny voa indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manasitrana ny calcul rénal na aretin'ny voa izao manaraka izao: zavatra ilaina: ovy 1, singana mananasy 1, mixer-na miaraka ireo dia sotroina, tsy tapohana rano. Fampiasana azy: sotroina isa-maraina mbola tsy misakafo iny, ary izany dia atao mandritra ny 3 andro tsy tapaka. Fomba fiasany, mivoaka manaraka ny pipi na ny amany ilay vato amin'ny voa.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Miarinarivo renivohitry ny faritra Itasy

Ny tanànan'i Miarinarivo renivohitry ny faritra Itasy indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. I Miarinarivo dia kaominina andrenivohitra, eo afovoany na amin'ny ivon'i Madagasikara no misy azy. Ny hakitroky ny mponina any dia 114 mponina/ km2. Teny filamatra any an-toerana ny hoe: vonona ka tsy maintsy mandroso. Ny nahatonga ny anarany: tamin'ny andron'ny Mpanjaka Radama nitondra miaramila 1000 lahy izy nentiny niankandrefana an'Antananarivo, rehefa tonga tao Arivonimamo ireo tamin'izany fotoana izany dia nisotro toaka ka mamo, izay no nahatonga ny Arivonimamo, tany Miarinarivo vao nisava ny toakan'ireo miaramila 1000 ireo, izay no nahatonga ny anarana hoe: Miarinarivo.



## NY TENY FIAINANA

*I Korintiana 12:13*

*Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy na jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Kely sisa dia handeha ny MBS- Tv




**Rivo Francis :** M.B.S- Tv.... Tsy ho ela intsony ... kely sisa dia handeha.

**Fenohanitra Tianasoa :** efa tsy anjiko ko ee, tongava soa toy ny radio koa ny MBS tele.

**Rijason Olivier Robson:** tsy handry intsony fa mirary soa hatrany e!

**Jeschar Steph Donatien :** ela loatra fa tongava malaky amin'izay, fa sasa-miandry izahay, efa leo an'ireto TV sasany tsy matihanina ireto.

**Rado Bijoutier :** aiza eh, alefao amin'izay fa leo an'ireto tele sasany mpandainga sy mpanely tsaho ireto izahay.

**Rasolo Cla :** aza ela e.

**Andriamahefa Richard** : ts anjiko ntsony ef mis essai technique ve?

Hasimbola Anna : ALEFASO @ ZAY TARA LOATRA E, ny sasany efa maka avance lavitra be sao ho tara eto isika mpomba an'i Dada.

**Baoly Harisoa :** Yesss, Ok MBS-Tv and Radio, always president Marc Ravalomanana ! Dada hatrany ny antsika e!

**Mapiy Razaf :** alefaso haingana fa miandry ny vahoaka, dia halefaso koa ny mankany amin'ny faritra amin'ny alalan'ny satellite.

**Andoniaina Rafanomezantsou :** misy hitapy ndray raha vao mandeha eo zao ny Mbs Tv.

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy :** miandry ooo!!!

**Rollande Nene Rahariniaina :** tena liana mitsy eeee.

**Naik Ando :** sur eee, tsika tsy miala am dada.

**Stephan Randriamasy :** efa ela niandrasana izahay e! tairo @zay dia halefaso hataovy mahazo any amin'ny faritra koa ny MBS- Radio.

**Toky Naina Raharison :** événements rehetra nahatongavana aminy izao tsara halefa comme documentaire, heveriko fa hain'ireo mpiasa ao amin'ny MBS tsara zany.

**Mamisoa Mamy :** za maka an'la francis a. Mbola elà le tsy miova mitsy e.

**Jenny Rakotozafy :** ataovy milay be an! Ataovy milay be daholo n any vaovao, n any fandaharana, na ny film,...

**Ni'Eden Ariry Andriamananjara :** aza atao ela tson e! Efa sasa-miandry.

**Raharison Maminirina :** marina zany lehibe a?

**Randriarimanana Rivoniaina :** iza avy no nahatadidy ny fandaharana nandeha tao t@zany ?? anisan'ny tadidiko ny Mbôla Tsara.

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** mba vonjeo zalahy zahay aty Mahjanga, Viva, M3 tv( pro Tgv), Rtn (Hvm) d zao tonga ndray ny IBC, tena voky habobo zahay f mila MBS eee, tongava aty Mahajanga koa ny MBS.

**Juliette Ranaivoarisoa :** miandry e, hataovy tena pro toy ny taloha ireny ihany ny fandaharana rehetra e! satria aleo tsy misy toy izay kitoatoa e!

**Tia Bilouche :** hotahin'Andriamanitra! Ho tafarina soa...!

Faly aho tena faly ee... lehiben'ny fitahian'ny Tompo e ! Tiko, Magro, MBS : nodorana fa tsy levona e !

**Vololona Rahanitra :** miandry zahay o!

**Razaiarivelo Fredeline Sahondra :** aza atao ela ! efa sasa-miandry, mila ny vaovaon'i Dada, ny vaovaon'ny CUA mandeha araka ny tokony ho izy amin'izay, matoky ny professionalisme-nareo mpiasan'ny MBS zahay e !

**Fifaliana Foana :** efa tamin'ny volana Mey no nahenoana izany hoe tsy ho ela intsony... isika zao efa volana Aogositra, ho tonga ihany ny krismasy....

**Gy Aro Ratovoarison :** tsy maintsy mandeha alohan'ny propagandy kosa io Mbs TV io e !

**Gabriel Razafindrakoto :** malaky fa efa ngôma eee, le question amin'ilay misy train iny no tena ankafiziko sy lay sary ataon'i Andry R.

**Clement Rakotonjanahary :** miandry ny tenanay e.

**Tiana Nirina :** tena mba hafaingano fa tena ela loatra e, hafa ihany ny sary, marina fa efa misy ny radio fa hafa ihany ny sary o !

**Iarivola Razafimamonjy :** tongava soa fa miandry zahay o !

**Christian Rakotondrasoa:** hafa ihany ny sary fa hataovy izay handehanany amin'ity herinandro ity, mba ho hitan'ny vahoaka eran'i Madagasikara ny fanateran'ny Filoha Marc Ravalomanana ny dossier-ny ao amin'ny HCC e!

### ECOLE DE FOOT-BALL ACADEMICA

## Nahazo tso-drano tamin'ny Ben'ny Tanàna ireo hisolotena an'i Madagasikara



Nahazo tso-drano avy amin'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana afak'omaly maraina tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, ireo ankizilahy kely avy amin'ny Ecole de Foot-ball Academica, hiatrika fifaninanana iraisam-pirenena eo amin'ny baonina kitra atsy amin'ny Nosy Maorisy. Anio alakamisy no hanomboka atsy Port-Louis renivohitra Maorisiana izany fifaninanana iraisam-pirenena izany ary haharitra herinandro, ireo ankizilahy kely 9 taona sy 13 taona avy amin'ity Ecole de Foot-Ball Academica ity no hiatrika izany fifaninanana iraisam-pirenena izany. Nahazo fanohanana avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ihany koa izy ireo teo amin'ny fanomanan-tena satria nampiasa ny kianjan'i Maha- masina. Nisy ny vatsin-dalana avy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ho an'ireto katitakely hisolotena an'i Madagasikara ireto avy amin'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Miisa 31 ny delegasiona mandrafitra ny Ecole de Foot-ball Academica hiatrika izao fifaninanana iraisam-pirenena atsy amin'ny nosy Maorisy izao ka 5 ihany no mpanazatra sy ray aman-dreny mpitarika.

*Lita*

### Rugby, CUA

## Raikitra ny fiadiana ny "Amboaran'ny Ben'ny Tanàna"



*Ireo amboara lehibe hatolotry ny CUA ho an'ny mpandresy amin'ny fiadiana ny "Amboaran'ny Ben'ny Tanàna".*

Fampiraisana ireo mpilalao rugby, fampiroboroboana hatrany ny taranjam-panatanjahantena baolina lavalava, ireo no anisan'ny tanjona amin'ny hanaovan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) fifaninanana hiadiana ny "Amboaran'ny Ben'ny Tanàna" na "Coupe du Maire" ny 12, ny 19 ary ny 26 aogositra ho avy izao, etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Nampahafantatra izany fifaninanana izany tamin'ny mpanao gazety ny tompon'andraikitra ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra afak'omaly maraina tetsy amin'ny Lapan'ny Tanànan'Analakely, notarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky. Ireo ekipa sangany ao amin'ny Federasiona sy ny ligin'Analamanga no handray anjara amin'izao fifaninanana izao, hisy ihany koa ny tarika vehivavy mpilalao rugby handray anjara amin'izany. Ny amboara hifaninanana dia tena ho lasan'ny mpandresy amin'ny famaranana, hisy ihany koa anefa ny loka manokana hafa avy amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo. Ny fitsarana ny lalao dia ho matihanina satria hampiasaina ny "ecran géant" ao Mahamasina ho fitsarana ny lalao amin'ny alalan'ny video. Ankoatra izany nanazava ny tanjona sy ny fandaharam-potoana amin'izao fiadiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna eo amin'ny baolina lavalava izao, ny tale misahana ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra Patrick Andriamisa Ramihone. Nambarany fa tsy mandray anjara amin'izao fiadiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna izao ny USCAR ekipan'ny CUA satria hisy ny lalao fihantsiana na "match de défi" hifandonany amin'ny CNAPS amin'ny andro famaranana ny 26 aogositra. Andiany voalohany izao fiadiana ny Amboaran'ny Ben'ny Tanàna eo amin'ny Rugby izao, fa mbola hitohy isan-taona izany, ary hiitatra amin'ny taranjam-panatanjahantena hafa koa.

*Lita*

### Boriboritany I (CUA)– Mpamonjy Voina

## Nampiofanana momban'ny famonjena voina eny anivon'ny fokontany

Nanatanteraka atrikasa fampiofanana ny vaomieran'ny fandriampahalemana, ny sekretera sy Tresorier ary ny CLS avy eny anivon'ireo fokontany mandrafitra ny Boriboritany Voalohany Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo Sampana Mpamonjy Voina avy ao Tsaralàna ny talata teo. Natao izao fampiofanana izao mba ho fampahafantarana sy fampianarana ireo tompon'andraikitra avy eny anivon'ny Fokontany amin'ny fisorohana ny mety fiparitahan'ny loza sy hanamorana ny famehezana ny loza mandra-pahatongan'ny mpamonjy Voina. Ankoatra izay dia nisy ihany koa ny fangatahan'ireo Mpamonjy Voina fiaraha-miasa amin'ireo Vaomiera eny anivon'ny Fokontany mba hanamora sy hanafainganana izany asa famonjena voina izany. Araka ny Voalazan'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia anisan'ny Boriboritany ahitana trangana loza toy ny hain-trano matetika ny Boriboritany Voalohany, ka izay indrindra no nahatonga azy ireo nangataka izao fampiofanana izao. Aorian'izao fampiofanana izao dia mbola hisy ny fidinana ifotony eny anivon'ireo fokontany eto an-dRenivohitra mba ho fampiharana izay rehetra nianarana nandritra ny fampiofanana hoy ny lefitry ny delege ao amin'ny Boriboritany voalohany, Heriniaina Razafindrakoto nandritra izany fanofanana izany raha nandray fitenenana izy.

*Aly*

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Niroso tamin'ny fanatsarana ny renivohitra teny Andohatapenaka

Beazina hatrany ireo vahoaka izay mipetraka sy mpila ravin'ahitra eto an-dRenivohitra mba hahalala hitandro ny fahadiovan' ny tanàna, rehefa tsy mandoto mantsy dia efa anisan'ny manadio hoy ny nambaran'ireo tompon'andraikitra avy eny anivon'ny Boriboritany Voalohany nandritra ny fanadiovana faobe izay fanaon'izy ireo isaky ny Talata. Raha ny teny Andohotapenaka I dia hita tokoa fa efa nisy ny ezaka manokana raha ny mahakasika ny fahadiovana, efa manomboka mipaka tsikelikely eny anivon'ireo vahoaka ihany koa hoy ity tompon'andraikitra ity ny fanentanana mahakasika ny fahadiovana izay ataon'izy ireo araka ny fanazavan'ny lefitry ny delegen'ny Boriboritany voalohany, Heriniaina Razafindrakoto. Ny mahatonga izany hoy izy dia efa miara-misalahy mandray andraikitra amin'izay fanadiovana izay ny mponina amin'ny fanadiovana ny manodidina azy tsirairay avy.



*Fanadiovana teny Andohatapenaka.*

***Aly***

Fambolena an-drenivohitra

## EPP miisa 4 amin'ny 20 no anatanterahana izany ao amin'ny Boriboritany I

Ankoatra ny fanadiovana faobe teny Andohotapenaka I dia nijery ny tetikasan'ny Boriboritany Voalohany Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mahakasika ny fambolena an-drenivohitra ihany koa ireo tompon'andraikitra avy eny anivon'ity Boriboritany ity. Nanambara ireo tompon'andraikitra fa ity tetikasa fambolena an-drenivohitra ity dia hatao manerana ireo EPP 20 izay ao anatin'ny Boriboritany Voalohany. Taoriana ny fambolena teny anivon'ny EPP 67Ha Avaratra Atsinana, ny EPP Ambodin'Isotry sy teny amin'ny EPP Antanimena I dia teny amin' ity EPP Andohotapenaka I ity indray no hanatanterahina ny tetik'asa. Haricot vert, anana, salade ary zava-maitso maro no ho ezahina hambolena manerana ny EPP amin'ity tetik'asa ity. Ny voka-tsoa avy amin'ity tetik'asa fambolena andRenivohitra ity dia ny mba hanampiana sy hanaovana laokan'ireo ankizy madinika eny anivon'ireo EPP, eo ihany koa ny fampianarana ireto kilonga ireto mba hahay hikolokolo sy ho tia sahady ny zava-maitso mba hanatsarana ny tontolo iainana. Ny Ben' ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana dia tsy mikely soroka amin'ny fanatsaràna ny Renivohitra mba ho tombontsoan'ny vahoaka. Araka izany dia tsy mitsahatra ny manentana ny mponina ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy.



*Fambolena an-drenivohitra: voly atao amin'ny gony.*

***Aly***

Boriboritany II (CUA)

## Nandrodana trano tsy ara-dalàna teny Antsahabe

Nahitana fanorenana tsy ara-dalàna sy tsy nahazoana alalana hanorina ny trano iray mitondra ny lot VG 44 ao Antsahabe amin'ny boriboritany faha 2. Ny tompon'io fanorenana io dia Ramatoa RAZAFINDRAVAHY Voahangy lalaina.
Efa nandefasana taratasy fampahafantarana maro avy amin'ny CUA ny tompon'ny trano fa tsy nisy valiny mihintsy izany, ireto avy ny taratasy efa nalefa tamin'izany :

1. Fampitandremana na avertissement mitondra ny laharana 000703 /CA tamin'ny 02 mey 2018 mba ho fanajanonana tsy misy hatak'andro io fanorenana tsy ara-dalàna io. Marihina fa tamin'io fotoana io dia fototra fotsiny no hita teny an-toerana.

2. Tsy nanajanona ny asa anefa izy dia nandefa hussier ny CUA nanantanteraka ny « sommation d'arrêt de travaux » tamin'ny 17 mey 2018. Marihina fa efa vita ny tamboho mamefy ny tany tamin'izay.

3. Tsy mbola nanajanona ihany anefa izy fa namoaka ny arrêté fanesorana ny fanorenana tsy ara-dàlàna ny CUA izay mitondra ny laharana 531-CUA /CAB.18 tamin'ny 13 juiletl 2018.

4. Ny alatsinainy teo, araka ny ordre de mission laharana 245-CUA tamin'ny 31 juillet 2018 dia niroso tamin'ny fandrodanana ny fanorenana tsy ara-dalàna ny CUA izay natrehan'ny Vaditany sy ny mpitandro ny filaminana. Marihina fa mialohan'ny fanatanterahana ny fandrodanana dia efa nampahafantarin'ny Vaditany an'ireo tompon'ny fanorenana ny fisian'ny arrêté fanesorana ny fanorenana tsy ara-dalàna izay navoakan'ny CUA.

Marihina fa araka ny voalazan'ny « loi sur l'urbanisme et l'habitat » mitondra ny laharana 2015052 tamin'ny 3 fev 2016 dia afaka manao ny fandrodanana ny fanorenana tsy ara-dalàna ny CUA.

***Ny Valosoa***

Ambatondrazaka

## Zazavavy kely 8 taona naolan'ny anadahin-dreniny tao Mangatany

Taitra ny ray aman-drenin'ity zazavavy kely vao 8 taona raha nahita azy sady niparaitra no niantsoantso hoe « naolan' i zama aho, naolan'i zama ».Nandray ny andraikiny avy hatrany nanontany azy izy ireo ka nambarany fa nosamborin'ny anadahindreniny izy ary nofatorany sy naonvany herisetra. Nataony avokoa izay nataony tamin'ity zaza ity izay natoky azy fa fianakaviany akaiky. Rehefa izany dia nofatorany ny tendany ka tsy nahatsiaro tena izy raha tsy elaela. Efa tsy hitany intsony io zamany io tamin'izay ka nirifatra nitsoaka nody izy. Somary naradratra ny tarehin'ity zazavavy kely ity izay nentin'ireo ray amandreniny avy hatrany tany amin'ny tobim-pahasalamana tao Ambatondrazaka. Nokarohin'ny Lehiben'ny fokontany kosa ilay tovolahy izay nahavanon-doza saingy efa tsy hita fa lasa nitsoaka nandositra. Ny alahady faha – 29 jolay 2018 lasa teo no nisehoan'izany tao amin'ny fokontany Mangatany kaominina ambanivohitra Andilanatoby distrikan' Ambatondrazaka. Mbola karohina ity tovolahy ity izay nambaran'ny rain'ilay zazavavy kely fa tokony ho 20 taona eo ho eo.

***Raoul***

Adin-tany nampitondra faisana

## Maty sy lasa adala izay mikitika azy

***Mba lalina raha samy lalina hoy ny fitenenana ny nahazo ireo mponina tany Ambatondrazaka ity. Tany iray lahibe izay lazaina fa tanim-panjakana no niadiavan'ny mponina sy ireo milaza fa tompony, nefa dia na maty, na lasa adala tsy tompon'ny tenany izay mikitika azy io. Fianakaviana iray izay no nahazo azy rehefa nokarakarain'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ary ny 03260 479 94 eny amin'ny 67 Ha atsimo eto Antananarivo.***

Izao no fandehan'ny tantara : tany iray lehibe izy io ary samy milaza fa tanim-panjakana daholo ny mponina. Tampoka teo anefa dia misy milaza indray fa misy tompony. Samy efa nangataka sy niditra an-keriny tamin'io tany io ny maro, fa raha tsy maty, dia marary sy lasa adala fotsiny izao. Dia izany hatrany no nitranga. Fay avokoa izay olona milaza fa hitrandraka io tany io ary tsy misy mahita vaha-olana mihitsy. Indray andro dia olona avy aty Antananarivo no nilaza fa tompon'io tany io ary nilaza fa hikarakara azy. Aza miditra eo ianao hoy ny mponina raha tsy te- ho faty toy izay rehetra efa maty sy lasa adala ateo. Eny ary hoy ilay milaza fa tompony fa ho hitanareo fa hitranga ny marina ary ho tafiditra amin'io tany io aho. Niandry ny olona na ho velona, na ho faty tokoa ity tovolahy ity.

**Tafita ilay tovolahy rehefa voakarakara**

Efa fantatr'io tovolahy io ny nomeraon'i Madame Noelah ilay manana "pouvoir " manokana mahita ny miafina sy mikarakara olona , ka avy hatrany dia nanatona teny aminy aloha ilay tovolahy. Vao nitantara ny zava-misy tany an-toerana ilay tovolahy dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Nisy tompony io tany io teo aloha hoy izy, saingy nisy ozona napetrak'ilay tompony ka raha misy mikasika dia tsy maintsy maty, na marary, na lasa adala mihitsy. Izay hoy izy no nahavoa ireo olona maro nilaza fa tompony sy nangataka, saingy tsy nanaraka fomba ka izay ny niafarany. Ianao aloha dia ho tafiditra soa amantsara hoy izy fa tsy maintsy karakaraina aloha. Nokarakarain'ity mpitsabo ity ilay tovolahy, nodiovina sy nampitondraina zavatra napetraka tamin'ilay tany ary tsy maintsy mivavaka aloha hoy ilay mpitsabo vao miditra ao ianao. Narahin'ity tovolahy ity avokoa izay nolazain'ilay mpitsabo. Vao tonga tany Ambatondrazaka izy dia nikarakara ilay tany ary nivelona tao. Tsy narary, tsy nisy zavatra nitranga fa salama tsara tsy naratra ary nandeha avokoa izay zavatra natao tao amin'ilay tany. Sady niompy no namboly fa vanona sy velona avokoa. Gaga sy talanjona avokoa ny mponina ary nilaza fa tena misy ozona tokoa angamba fa tena misy tompony tokoa io tany io. Ny marina anefa dia olona efa nipetraka talohabe tao no maty tao amin'io tany io satria tsy niteraka izy roa ka nanozona fa izay mipetraka amin'io tany io dia tsy maintsy manaraka fomba aloha ary tsy maintsy mikarakara vatana vao afaka mipetraka ao, fa raha tsy izany dia maty sy tsy vanona avokoa. Lasa tompony sy tafita tanteraka ilay tovolahy ankehitriny fa ireo mponina kosa dia gaga sy talanjona fotsiny ary nilaza fa nisy zavatra hafa mihitsy ao matoa io tovolahy io no tafapetraka tao nefa ny vahoaka rehetra rehefa tsy maty dia marary sy lasa adala fotsiny izao. Lasa natahoran'ny olona indray aza ilay tovolahy satria lazain'izy ireo fa mahay zavatra, nefa ny fikarakarana nataon'i Madame Noelah no nanavotra azy ka tafita tanteraka ankehitriny.

***Ny Akama***

Fampianarana

## Very fanahy mbola velona ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Tsy mbola misy fianarana misokatra hatramin'izao raha ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro no jerena ho an'ny sekolim-panjakana. Na nosoloina aza ny Talem-paritry fanabeazana dia hita ho tsy nampiova ny fanapahan-kevitr'ireo mpanabe izany. Mitohy ny fitokonana ataon'izy ireo ary mbola haolo hatrany ny sekoly. Mitaintaina toy ny sahobakaka ambodiriana ny ray aman-dreny araka izany mahakasika indrindra ny seha-panadinam-panjakana. Fantatra fa efa nisy ny fanapahan-kevitry ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra ho an'ny C.E.G Razaka mikasika indrindra ny fandoavana ny karaman'ireo mpampianatra FRAM saingy tsy nahasakana ny tolon'ireo mpanabe izany. Tsy misy tsy manome tsiny ny mpitondra fanjakana araka izany ny rehetra noho ny tsy fahaizana mandray andraikitra manoloana izao toe-javatra mampalahelo mihàtra amin'ny zaza Malagasy izao.

***Raoul***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**28/07/18 hatramin'ny 04/08/18**

- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36/034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 796-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANJIFANA**

## Tratran'ny fisandratana ny vidin-tsolika

Nisondrotra indray ny vidin-tsolika omaly teny amin' ireo toby fitsinjarana solika eto amintsika. Arak' izany dia tratran'ny fisandratana indray ity lohahanon'angôvo iray eto amintsika ity. Araka ny hita teny amin'ireo toby mpitsinjara solika nanomboka omaly io, nisonga 50 Ar isaky ny litatra ny gazoala sy ny lasantsy. Arak'izany, tsy mahazo lasantsy 1 litatra intsony ny 4000 Ar eto amintsika satria efa mihoatra ny 4000 Ar izay vidin-dasantsy 1l izay. Manonga manonga hatrany koa ny vidin'ny gazoala, ka nitarika ny fiakaran'ny sarandalan'ny taxibe sasany teto an-drenivohitra omaly, misy kosa anefa ireo mbola mitana ny sarandalany ho 400 Ar ihany, ny sasany no nampiakatra ny saran-dalany ho 500 Ar io. Ny mpanjifa vahoaka madinika hatrany no lasibatra amin' ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajaonarimampianina izao.



*Nahitana fiakarany indray ny vidin-tsolika.*

***Aly***

Alaotra

## Miseho lany ny tsy fandriampahalemana

Nifanjevo tamin'iny lalam-pirenena faha-44 (RN 44) iny ny dahalo sy ny mpanaradia ny zoma lasa teo. Nitsoaka nitondra ny omby nangalariny nihazo iny lalana iny ireo dahalo izay nampihorohoro ny mpitatitra tamin'io fotoana io. Omby maromaro mihitsy no indray noraofin'ireo dahalo izay nasesiny tamin'io lalam-pirenena io. Lasa kelikely ireo dahalo dia nandalo ihany koa ireo mpanaradia izay nanao andiany maro. Tsy mandry fahalemana mihitsy araka izany raha ny aty Alaotra no jerena. Fantatra ihany koa fa tsy matory ao an-trano avokoa ny ankamaroan'ny vatandehilahy eny ambanivohitra fa miambina. Ny zaza amam-behivavy aza lasa any anaty mololo no matory fa matahotra ny ho voatafika. Vao migadona ny tolakandro dia efa mitaona entana miala ny fivarotana ny mpivarotra ary mitsinjara izany amin'ireo olona mifampatoky amin'izy ireo mba hisorohana ny fandravana. Tsy misy mipetraka ao anaty trano avy eo fa lasa mifindra monina hatrany isaky ny alina. Mikaikaika ny rehetra satria hita aty Alaotra avokoa na vono olona na vaky vala na vaky trano na fanolanana. Tsy voafehin'ny fitondran-dRajaonarimampianina ny fandriampahalemana ary hita fa tamin'izao fitondrana izao no tena nampirongatra izany izay tsy hary nisy hatramin' izay.

***Raoul***

Depioten'i Manjakandriana

## Ho tohizana ny famatsiana zana-trondro

Nandritry ny tatitr'ireo tantsaha mpiompy trondro izay nanao fiofanana tany Sadabe nandritry ny telo andro tamin'iny volana Jolay lasa teo iny, dia nambaran'ny solombavam-bahoakan'i Manjakandriana, Rakotondratovo Andoarilasy fa ho tohizana ny famatsiana zana-trondro amin'ireo vondrona tantsaha ao amin'ny distrikan'i Manjakandriana amin'ity taona ity. Raha tsiahivina dia solontena avy amin'ny fokontany miisa folo teo anivon'ny distrikan'i Manjakandriana no nanatanteraka fiofanana nandritry ny telo andro ka ny hanaparitaka izany any amin'ireo fokontany samihafa no tanjona. Nambaran'ity solombavambahoaka ity fa ho tohizana ny famatsiana zana-trondro ka ny tanjona dia ny hampitombo ny toekarenan'ny mponina sy ny tantsaha amin'ny ankapobeny. Efa roa taona no nisy izay hetsika famatsiana zana-trondro izay tamin'ny depiote Rahantasoa Lydia izay lasa minisitra ankehitriny. Tsy tokony hanafatra zana-trondro avy any Itasy intsony hoy ity solombavambahoaka ity fa manana ampy isika rehefa misy ny ezaka famatsiana izay zana-trondro izay. Tanjona ny hampitombo ny fari-piainan'ny mponina sy ny tantsaha amin'ny ankapobeny any amin'iny distrikan'i Manjakandriana iny.


***Rajo***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 245**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0244)

***Mitsivalana***
- Malabary
- Lasa (Miv) – Non(o)
- Ar
- Jiolahy
- Tripy
- Dor(o) – Nana
- Malagasy (Miv)

***Mitsangana***
- May
- As – Os(y)
- Lanitra
- La (Miv) – Ro
(Miv)
- Alina
- An – Lapa (Miv)
- Roahina
- Inri – Ma (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 245




**Mitsivalana**
**1.** Manahirana, tsy vita mora – Mpanoritra **2.** Aro orana – Kapoka (Miv) **3.** Vizana – Ambany **4.** Niongotra – Tovona (Miv) **5.** Faran-teny – Foto-tenin'ny fonenana **6.** Fiantsoana ny tsirairay **7.** Mamarana ny teniny – Sahala (Miv) **8.** Maraina, atoandro, harivo – Ao amin'ny vava **9.** Bokinkira – Tovona **10.** Mikoriana ao anaty – Milaza fananana (Miv)

**Mitsangana**
**A.** Toerana fitobian'ny sambo **B.** Aroso – Mpanondro manolotra **D.** Ranom-bava – Fafa **E.** Voankazo **F.** Irery – Renirano **G.** Lavitra hita maso – Zanak'i Dada **H.** Mpanondro toerana – Kere (Miv) **I.** Nifidy **J.** Misy ny Mpanjaka – Naoty **K.** Tanàna – Telo sy roa

### Valiny Teny mifanaraka 0244

***Mitsivalana***
1 Tratra - Ako 2. Ianao - Vaky (Miv) 3. Avona - Vala 4. Ady (Miv) - Foy 5. An - Kasa - In 6. Zavona - Any 7. Araka 8. Matraka 9. Ia - Nanavy (Miv) 10. Filaminana

***Mitsangana***
A. Tia - Aza - If B. Ravina - May D. Dona (Miv) - Voa E. Tanako F. Roa - Mirana (Miv) G. Tsarovy H. Vy (Miv) - Naka (Miv) I. (S)akaf(o) - Akàna J. Kalaina - An(atra) K. Ovainy - Ana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana tany Manakara omaly.









Ny tafa tamin'ny mpanao gazety momban'ny amboaran'ny Ben'ny Tanàna eo amin'ny rugby.






Ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo nitso-drano ireo avy amin'ny FC Academica hisolo tena an'i Madagasikara atsy amin'ny nosy Maorisy.



